# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Oktobra 2018

**13** **Asabotsy**
oktobra

**Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsy fanarahan'ny olona iray *(Adama)*, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan'ny Anankiray *(Jesosy)*.** Romana 5. 19

**Saha roa (1)**

Saha nahafinaritra anie izany e ! Edena no anarany, midika hoe : fahafinaretana, hatsarana. Nisy ony nanondraka azy io. Tsy nisy afa-tsy hazo tena tsara tao, hazo nanome voa tsara tsiro. Teo afovoan'io saha io no naniry ny Hazon'aina sy ny Hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Napetrak'Adriamanitra tao ny olombelona voalohany, Adama, ary tao izay rehetra mety nilainy mba hahasambatra azy.

Nankinin'Adriamanitra tamin'io lehilahy voalohany io, amin'ny maha voary mpankatò ny Mpahary azy, ny andraikitra „hiasa sy hitandrina" ny saha (Genesisy 2. 15). Hoy Izy tamin'i Adama : „Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany ; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana ; fa amin'ny andro izay ihinananao azy, dia ho faty tokoa ianao" (Genesisy 2. 16-17).

Inona no nataon'i Adama ? Samy tsy noheveriny, na ireo zavatsoa noraisiny tamin'Andriamanitra, na ny fandrarana natao taminy, ary na ny fitsarana hihatra aminy aza, raha mandika izany fandrarana izany izy. Ny feon'i Satana no nohenoin'i Adama. Nambabo azy ny hevitra hoe hitovy amin'Andriamanitra. Nizotra ho amin'ny lalan'ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra izy, ary izany lalana izany dia lalan'ny fahafatesana.

Raha nijanona teo ny fandehan-javatra, dia ho naharesy an'Andriamanitra ny devoly, satria nahatarika ho amin'ny fahaverezana ilay olombelona noarìn'Andriamanitra sy tiany ho sambatra. Nefa tsy azo heverina ny hoe resy Andriamanitra. Koa tonga Jesosy mba hanatontosa ny drafitr'Andriamanitra, mba hanome voninahitra Azy noho ny fandreseny an'i Satana eo amin'ny hazofijaliana, ary mba hamonjy ny olombelona, izay very.